## «MARATHON INTERNATIONAL DE TANA»

# Niakaran'ny Renioney ny lampihazo

Diso kajy indray i Hajanirina Andriamparany. Naverin'i François Lebon, teratany renioney, indray ny zava-bitany tany Seychelles, nandritra ny Lalaon'ny Nosy 2011, teo amin'ny «*Marathon International de Tana*», omaly. Tsy navelany handresy azy mihitsy i Hajanirina Andriamparany teo amin'ity hazakazaka 42,195 km ity.

Teo amin'ny laharana fahatelo vao tazana ity farany, rehefa nosongonan'i Jean de la Croix Rakotomalala, mpihazakazaky ny Crown Antsirabe. Vitan'i Lebon, 42 taona, tamin'ny fe-potoana 2 ora 26 minitra ny anjarany, teo amin'ity andiany faha-15 ho an'ny «*Marathon de Tana*» ity. Tara roa minitra taoriany i Jean de La Croix raha 2 ora 35 minitra kosa no namitan'i Hajanirina Andriamparany ny hazakazaka.

«*Fandresena azoko voalohany teto Madagasikara iny. Navelako hitarika ny hazakazaka i Hajanirina sy Jean de la Croix ary narahiko akaiky hatrany. Teo amin'ny hazakazaka farany no tsy maintsy nandeha mafy nandao azy ireo aho*», hoy i François Lebon, mpihazakazaka avy any La Réunion, niambozona medaly volamena tamin'ny Marathon, tany Seychelles, nandritra ny Lalaon'ny Nosy 2011.

Teo amin'ny vehivavy indray dia sambany no tafiditra voalohany i Landinirina Ratinarisoa, mpihazakazaky ny Polisim-pirenena. Vitany tao anatin'ny fe-potoana 3ora 18'50'' ny halaviran-dalana 42,195 km. I Marinah Ramanantenasoa (3 ora 21'26'') no teo amin'ny laharana faharoa raha i Elyse Razafimahatratra (3 ora 22'08'') no namarana ny fiakarana lampihazo.

**R.A**